FOTSY RORA MITENY NY SMM

# Tsy ekena ny takalon'aina politika, avoahay Rina

Nahavelombolo ny fanambarana nataon'ny Sendikan' ny Mpitsara eto Madagasikara (SMM) mikasika ny fomba fijerin'izy ireo ny zava-misy eto amin'ny firenena.

Nohamafisin'ny ''Smm'', fa tsy miditra amin'ny resaka politika ny mpitsara , fa ny lafiny fampiharana ny lalàna no imasoan'izy ireo, aleo ny olana politika ho vahan'ny mpanao politika hoy ry zareo ''Smm''.

Marina tsy azo lavina izany saingy , ny tokony hataon'ny ''Smm''ao antsaina dia fanagadrana politika no misy eto amintsika nandritra ny nahateo amin'ny fitondrana an'Ingahy Rajoelina filoha teo aloha ary amin'izao izy efa filoha lany daty izao dia mbola misy ny famonjana vokatry ny tahotra ara-politika. Porofon'iza ny, efa ho herinandro mahery izao, no tazonina eny amin'ny sampandraharana misahana ny heloka bevavan'ny Zandarimaria eny Fiadanana ny



Rina Randriamasinoro, sekretera jeneralin'ny antoko TIM.

Sekretera Jeneralin'ny Antoko Tiako i Madagasikara (TIM) Rina Randriamasinoro, tsy mazava ny loham-piampangana, matoa tsy miakatra fitsarana ny raharaha, dia azo antoka fa na ny mpitsara tokony hitsara azy aza, sadaikatra tsy hitany izay tokony hanamelohany azy, na ireo mpisolovava hiaro azy aza sahirantsaina satria tsy hitany izay heloka nataon'ity olona arovany, ny azo eritreretina dia kasain'ny fitondrana hatao takalon'aina politika ity tsy manantsiny ity, mba hampilefitra ireo izay mitaky ny hampiharana ny fahamarinana eto amin'ny firenena. Aleo koa dia tsorina fa na samy eo aza ireo mpomba ny kandida 11, dia tena tsy levon'ny olon-dRajoelina ny mpomba ny Filoha Ravalomanana, zanak'i Dada avokoa ireo nosamborina tamin'ny Sabotsy teo, satria nitafy akanjo fotsy, ary ny fampanoavana nanao ny fakana ambavany no nandray fanapahankevitra nampidoboka azy ireo, tsy vitan'ny hoe nadoboka izy ireo, fa mbola voaroban'ny mpitandro filaminana koa ny vola sy ny findainy. Manoloana izany dia hodian'ny fitsarana fanina fotsiny ny fanambarana nataon'ny ''Smm'', fotsy rora miteny ny SMM.

Mikasika ny fanambarana navoakan'ny Filohan'ny Antenimierandoholona izay baomba nipoaka ho an-dRajoelina sy ny forongony, dia ny nilazany fa tratra ny fandrahonana ho faty izy sy ny fianakaviany, dia tsy tokony hiandry fitoriana ny fitsarana fa tonga dia hiroso avy hatrany amin'ny fanadihadiana , satria lehiben' ny andrimpanjankana no nisy nikasa hifofo ny ainy, toy ny nataon-dRamatoa Mpampanoa lalàna tamin' ny ''Raharaha Apollo 21''.

Matoky ny ''Smm''ary manantena azy ny vahoaka malagasy tia fahamarinana , fa hijoro hatrany izy ireo ary tsy ho fotsy rora miteny, satria hita mibaribary fa manao izay tiany atao ireo saribakolin'ilay filoha lany daty, managadra olona noho ny fahosana ara-politika .

*Ny Valosoa*

Ralaiarimanana

# Tsy azo ihodivirana ny fifampiresahana hisorohana ny savorovoro politika

Ny fametrahan'ny hery velona rehetra ny marimaritra iraisana, hahafahana mizotra mankany amin'ny fifidianana madio sy mangarahara ary eken' ny rehetra, no lalana iray hahafahana misoroka ny korontana politika eto Madagasikara, hoy Andriamatoa Ralaiarimanana mpitaiza tanora kristianina, no sady filohan'ny tarika Taratry ny Mazava. Nanohy fanazavana ity farany, fa ny fametrahana olona mahitsy sy tia tanindrazana hifanarahan'ireo kandida miisa 13 ho mpikambana eo anivon'ny Ceni sy ny Hcc afaka hikarakara fifidianana madio sy mangarahara ary eken'ny rehetra, no vahaolana ary tsy azo ekena ny filoham-pokontany mitanila ara poto-kevitra mandritra ny fampielezankevitra. Nanamafy Andriamatoa Ralaiarimanana, fa tokony handraisana fanapahan-kevitra ny kandida izay mizaka tanteraka ny zom-pirenena vahiny, satria baikon'ny firenena any ivelany izay filohampirenena mizaka manontolo ny zom-pirenena hafa, tsy maintsy hiaro ny tombontsoan'ny firenena vahiny ity farany, fa tsy hiaro ny tombontsoan'ny fanjakana Malagasy velively ary very momoka ny tolom-panafahana izay nataon'ireo Rayamandreny manoloana ny fanjanahantany, raha mbola ho fehezin'ny firenena vahiny ny toe-draharaha eto Madagasikara. Nanamafy Andriamatoa Ralaiarimanana, fa tsy azo ekena ny fitanilana ataon'ny



mpitandro filaminana satria avelan'ireto farany hamory vahoaka malalaka ny olona manana firehan-kevitra manohana ny fitondrana ary sakanana sy darofana entona mandatsa-dranomaso ny vondron'olona manohitra ny fitondrana ankehitriny. Tsy mankasitraka ny fandavan'ny olona ny ray amandrenim-piangonana FFKM, hanelanelana sy hitady vahaolana manoloana ny raharaham-pirenena koa izy ary manohitra ny fanambazana vola ny vahoaka mandritra ny fampielezan-kevitra sy ny fandatsaham-bato, izay endrika fanodinkodinana ny safidim-bahoaka.

*Franck razakambelo*

Basikety dingana famaranan'ny N 1A, 2023

# Ekipa vehivavy 10 sy lehilahy 8 no handray anjara



FMBB mikarakara ny fifaninanana N1A.

Fantatra izao fa ekipa vehivavy miisa 10 sy lehilahy miisa8, no handray anjara amin'ny dingana famaranana amin'ny fifaninanana nasionalin'ny basikety sokajy N1A lahy sy vavy, izay hotanterahina amin'ny alakamisy19 ka hatramin'ny alahady 29 oktobra 2023 ho avy izao etsy amin'ny lapan'ny fanatanjahantena Mahamasina. Marihana fa ao anatin'ny fanomanana tanteraka manao ny fandaminana rehetra amin'ny fikarakarana ny ekipa rehetra eo anivon'ny FMBB amin'izao fotoana izao, milaza ny hanomezana ny tena tsara indrindra hatrany eo amin'ny fikarakarana fifaninanana basikety malagasy .

*Rainilita*

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

# Mitondra ny Vinan' Andriamanitra ampiharina eto Madagasikara

Mitaky fomba fisainana sy fiheverana vaovao izao fiarahamonina ankehitriny izao. Iaraha-mahita sy miaina tsara ny toe-javamisy eto amin'ny firenena indrindra niditra ny volana septambra sy oktobra izao. Miharihary ny fifandroritan-kevitr'ireo vondrona roa mifanohitra, kanefa miavaka tsara ny maro an'isa na misy miezaka manafina aza. Ny fitakiana ny fahamarinana no takian'ny fiarahamonina malagasy sy ny fampanjakana ny rariny sy hitsiny. Ity firenena ity an'ny Malagasy hatramin'ny fahagolan-tany, ka tsy maintsy sarotiny sy saropiaro amin'izany ny taranaka ankehitriny, ary koa miaro azy. Tsy azo ekena ny hahapotehan'ny firenena izay efa hita soritra amin'izao fotoana izao. Tsy maintsy mijoro ny Malagasy olom-pirenena manoloana izany, fa adidy masina ny fanarenana ny firenena. Izany indrindra no nijoroan'ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), hitondra anjara biriky lehibe amin' izany.

Tsy mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra ny tsy fanjakan'ny tsy fahamarinana eto amin'ity firenena ity. Manana ny fikendreny Izy ary te hanandratra ny firenena araka ny vinany izay nampitainy tamin'ny mpanompony efa an-taonany maro lasa. Voarain'ny AFK izany Vinan'Andriamanitra izany, ka nanaiky atao fitaovana izy. Nisy araka izany ny ezaka maro samihafa natao nanomboka tany amin'ny taona 2017. Anaty tanjony avokoa ny amin'ny famerenana amin'ny laoniny ireo olana manjo ny firenena amin'izao fotoana izao ireo. Ary ny tena zava-dehibe amin'ny asa ataony dia fahafahana manatanteraka fampandrosoana ny firenena tsy iankinan-doha amin'ny any ivelany. Fampandrosoana izay miàla amin'ny lasin-tsaina niraikitra tamin'ny lamina tranainy nisy hatramin'izay napetrak'ireo firenen-dehibe manjakazaka eto amin'izao tontolo izao. Teti-pampandrosoana manafaka ny firenena amin'ny geja mahazo azy hatramin'izay. Ny andrasany amin'ny olom-pirenena tsy ankanavaka dia ny fijoroany sy ny fiaraha-mientana aminy. Fifandraisana: 034 17 460 53.

*Aris*

Mpikarakara lalao Basikety 3 x 3

# Antsoina ho etsy amin'ny FMBB 67 ha

Antsoin'ny FMBB "Federation Malagasy de BasketBall" ho tonga etsy amin'ny foibe toerany, etsy amin'ny 67 ha ( Poste 67ha / 4è étage), ireo rehetra tia mikarakara lalao FIBA 3x3, ka maniry hahazo fahalalana momba ity taranja ity, mba hampitoviana ny fomba fiasa hoan' ny rehetra, hisy fiofanana fohy hatolony amin'ny sabotsy 14 oktobra 2023 izao hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro. Tsy misy fepetra takiana ny fanatrehana an'ity fiofanana ity, fa mahazo tonga avokoa ireo liana rehetra araka ny nomarihan'ny tompon'andraikitra eo anivon'ny FMBB.

*Rainilita*




Lalao basket 3 x 3.